# VOAVOTRA

Nasaina nanao sary hosodoko lehibe tao amin'ny tilikambon'ny katedraly Saint Paul ao Londres ilay mpanakanto Anglisy Thornhill.

Rehefa niasa nandritra ny volana maro izy dia nahavita ampahany be tamin'izany. Te-hitazana lavitra ny asany ary izy ka nihemotra moramora teny ambonin'ny tsivalankazo nijoroany, ka saiky latsaka tany ambany tany.

Raha nahita izany loza nananontanona izany ity namany iray izay nanampy azy dia nandray ny borosy fandokoana ka nanao tsipika lava lehibe teo amin'ilay hosodoko. Tezitra fatratra i Thornhill ary niolomay hanakana azy tsy hanohy ny nataony, ka indro voavotra tamin'ny loza nananontanona azy. Nitony anefa ny hatezerany raha vao fantany ny anton'izany rehetra izany.

**<u>LESONA :</u>**

- Mety hitovy amin'izany angamba ny fiainanao. Nanao tetikasa maro momba ny ho avy ianao. Efa mipetrapetraka tsara tokoa izany no indro nisy toe-javatra tampoka mitranga. Tezitra na kivy angamba ianao. Navelany hitranga anefa izany toe-javatra izany.

- Fa Andriamanitra mahay manambara aminao ny anton'izany fizahan-toetra izany izay niaro anao tsy ho faty ka te-hanome anao ny famonjena.

**I TIM 2 : 4 « Andriamanitra mpamonjy antsika…tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina »**